VOLY RAKOTRA

## Faritra mando eto Madagasikara

# Fambolena Arachis ao anaty tanin-janakazo





- Hampihena ny fotoana fikojakojana ny tanin-janakazo
- Ahazoana rakotra manatsara sy miaro ny nofon-tany

# Ny antony hambolena arachis ao anaty tanin-janakazo

## Fomba mahazatra




## Olana




## Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- **Mihena ny fotoana lany amin'ny fanadiovana sy fifafarana ny saha**
- **Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany**
- **Miaro amin'ny vitsika mpanimba ny vony sy ny felan'ny zanakazo**
- Manatsara ny nofontany sady mametraka azôta ao anaty tany
- Mitahiry ny hamandoana ao anaty tany
- Mamokatra vilona homena ny omby, mamoaka vony azon'ny tantely hakana maminy
- Maharitra maitso mandavan-taona




Karazana arachis : *Arachis pintoï, Arachis repens*

# Fambolena ny arachis

**Tanjona :** Mamokatra rakotra arachis matevina sy haingana



Haingana ny fitombony amin'ny tany masaka, miadana amin'ny tany manta

Mahatanty maloka, miadana ny fitombony raha talaky masoandro

Mila hamandoana, tsy mahantanty rano miandrona

## Fotoana fambolena

Mandritra ny fahavaratra no tena tsara :

Desambra – janoary : maharakotra ny tany avy hatrany amin'ny faran'ny rotsak'orana

Febroary – aprily : herintaona vao maharakotra ny tany

Azo atao ihany koa mifanandrify amin'ny asa eo amin'ny tanin-janakazo

April - may : aorinan'ny fiotazana ny vokatra niara nambolena tamin'ny zanakazo, herintaona vao maharakotra ny tany

Septambra – oktobra : mifanadrify amin'ny fotoana fiavana ny kafe, mila manosoka amin'ny fahavaratra



## Volena amin'ny taho na silak'ahitra



Eo am-pambolena, tsara raha lomana ranon-jezika ny taho na ny silak'ahitra mba hanafaingana ny fitombony

**1- Afangaro:** 1/3 tain'omby sy 1/3 tany masaka ary 1/3 rano

**2- Atsoboka** ao anatin'ny fangaro ny vahatra na faritra ambany amin'ny taho ho volena

**3- Volena avy hatrany** ny zanak'ahitra na ny taho avy nalona, atao 2 isan-davaka

# Arachis anaty tanin-janakazo

## Ny atao

Sorohana na vonoina ireo akata alohan'ny hambolena

Atao mielanelana 40 sm miala ny fotoran-janakazo ny fambolena ny arachis, mba tsy hanelingelina ny fitombony

Tsy voafetra ny elanelana hambolena ny arachis, tsy tokony hihoatra ny 40 sm x 40 sm

## Fitandremana sy fetra

Ela fitombo amin'ny tany be akata, indrindra ny ahipisaka

Volena herintaona aorian'ny nambolena ny zanakazo ny arachis, izany hoe tokony hahazo aina tsara ny zanakazo vao volena ny arachis

Raha tsy voavoly eo no eo, tsara raha atao amin'ny aloka na anaty kitapo ny taho na ny silak'ahitra, volena roa andro aoriana farafahatarany




**Fitantanana ny rakotra arachis**

Arovana amin'ny omby sy ny akoho ny arachis avy novolena

Havaina ny tanin-janakazo mandram-paharakotry ny arachis

Amin'ny tany mitahiry hamandoana be loatra (baiboho na ambany toerana), dia tokony tapahina matetika na ampandalovina omby ny arachis efa mandrakotra tsara